Izay maka tahaka ny vahoaka iray dia toy izy ireo ihany koa.

Tatitra azo avy tamin'i Ibn Omar (R.A) Niteny : Niteny i Mpaminany (S.A.W) manao hoe : "Izay maka tahaka ny vahoaka iray dia toy izy ireo ihany koa. "
[Tsara] [Notantarain'i Abo Daòd sy Ahmad]

Milaza amintsika i Mpaminany (S.A.W) fa izay maka tahaka an'ireo vahoaka tsy manam-pinoana, na ireo olona sy vahoaka maloto fitondran-tena, na olo-marina - amin'ny fanaovana ireo zavatra izay mampiavaka azy ireo amin'ny finoana, na ny fanompoam-pivavahana, na ny fomba amam-panao - dia voasokajy ho anisan'izy ireo ihany koa. Satria ny fakana tahaka azy ireo ety ivelany dia mitarika ho amin’ny fanarahana azy ireo ao anaty, ary tsy isalasalana fa ny fanahafana ny olona iray dia vokatry ny fiderana, ary mety hitarika ho amin’ny fitiavana azy, hanome voninahitra azy, ary hiantehitra aminy, ary izany ihany koa dia mety hitarika ny olona iray hanahaka azy na dia ao anatiny aza amin'ny fanompoana - Sanatria anie izany -.

http://www.sunnah.global/hadeeth/mg/show/5353